
# Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 23–24: Torohevitra avy amin'ny Tompo

Misafidiana farafahakeliny olona roa amin'ireto manaraka ireto mba hovakina ny momba azy. Mitadiava andian-teny ao amin'ireo andininy izay mifandray amin'ny famintinana ara-tantara. Afaka manampy anao izany mba hahita porofo fa nahafantatra ny olona tsirairay ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy ary nanome torohevitra ho an'ny fiainan'izy ireo manokana.

## Oliver Cowdery

**FOTOPAMPIANARANA SY FANEKEMPIHAVANANA 23:1–2; 24:10–12**



Mpampianatra i Oliver. Mpitantsoratr'i Joseph Smith Zanany izy rehefa nandika ny Bokin'i Môrmôna i Joseph. Isan'ireo Vavolombelona Telon'ny Bokin'i Môrmôna izy ary loholona faharoan'ny Fiangonana naverina tamin'ny laoniny. Nizara ny filazantsara tamin'ny fianakaviana Whitmer sy ireo namany hafa tao Fayette, New York, izy. Efa imbetsaka no niseho ny toetrany mieboebo. Anisan'izany ny fotoana iray izay nanoratany tamin'i Joseph Smith Zanany momba ny ampahany tamin'ny fanambarana iray izay tsy nekeny. Nahatonga azy hiala ny Fiangonana ny toetrany mieboebo teo anelanelan'ny 1838 sy 1847.

## Hyrum Smith


**FOTOPAMPIANARANA SY FANEKEMPIHAVANANA 23:3**



Zokilahin'ny Mpaminany Joseph Smith i Hyrum. Nanampy ny famoahana ny Bokin'i Môrmôna izy tamin'ny alalan'ny fiasana mivantana niaraka tamin'ny mpanonta printy. Nanana faniriana lehibe hitory ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny izy, saingy nangatahina izy mba hiandry sy hiomana amin'ny alalan'ny fandalinana ny tenin' Andriamanitra (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11:21–22). Filohan'ny sampana voalohan'ny Fiangonana tao Colesville, New York, izy. Notanterahin'i Hyrum ny adidiny tamin'ny Fiangonana ary nahatoky tamin'ny Tompo izy nandritra ny androm-piainany.

## Joseph Knight Rainy

**FOTOPAMPIANARANA SY FANEKEMPIHAVANANA 23:6–7**



Naman'i Joseph Smith Zanany akaiky i Joseph Knight Rainy ary naneho hatsaram-panahy lehibe taminy izy. Namatsy ny zavatra nilain'ilay Mpaminany izy nandritra ny fotoana nandikany ny Bokin'i Môrmôna. Nanana faniriana ny hatao batisa niaraka tamin'ireo olona hafa ny andro nananganana ny Fiangonana izy, saingy niandry izy satria naniry ny handalina bebe kokoa ny Bokin'i Môrmôna. Fotoana fohy taorian'ny nandraisany ny torohevitry ny Tompo ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 23, dia nisafidy ny hatao batisa i Joseph Knight Rainy. Nijanona ho mpikamban'ny Fiangonana mahatoky izy nandritra ny androm-piainany.

## Joseph Smith Zanany

**FOTOPAMPIANARANA SY FANEKEMPIHAVANANA 24:1–9**



I Joseph Smith Zanany dia mpaminanin'ny Tompo. Tamin'ny aprily 1830 dia nanorina ny Fiangonana naverina tamin'ny laoniny i Joseph. Avy hatrany dia niatrika fanenjehana ilay Fiangonana vaovao. Nosamborina i Joseph noho ny fiampangana diso ary navotsotra. Nanana andraikitra hamelona ny fianakaviany sady hitarika ny Fiangonana izy. "Na dia sahirana tamin'ilay Fiangonana vaovao aza izy dia tsy maintsy namboly tao amin'ny sahany raha te hahazo vokatra tsara amin'ny fararano. Efa tara ny fandoavany ny volan'ny rain'i Emma tamin'ilay toeram-piompiana sy fambolena, ary raha ratsy ny vokatra azony dia tsy maintsy ho nitady fomba hafa handoavana ny trosany izy" (*Saints*, 1:90).



© 2023 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_121-1